AFROBASKET U18 LAHY SY VAVY 2022

Ilay Malagasy Mathias M'Madi no nahazo amboara be indrindra

Nifarana tamin'ny alahady 14 aogositra 2022, tetsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina", ny fifaninanana basikety "Afrobasket U18 lahy sy vavy 2022", izay nanomboka tamin'ny 4 aogositra 2022, ka voahosotra ho tompondaka ny U18 zatovolahin'i Egypta izay nandavo 81 – 54 ny Ankoay U18 zatovolahy Malagasy, teo amin'ny lalao famaranana. I Mali kosa no nitana ny laharana faha-3 teo amin'ity sokajy ity.

Ilay mpilalao Malagasy Mathias M'Madi n° 4 kosa, no nibata ny amboara betsaka indrindra tamin'ity fifaninanana ity, satria izy no voahosotra ho Mpilalao Zatovolahy Mendrika indrindra « MVP » nandritra ny Afrobasket U18 Zatovolahy, sy voahosotra ho Mpilalao mpampidi-baolina betsaka indrindra nandritra ny fifaninanana, ka nahazoany amboara iray avokoa ireo. Izy koa dia mbola voafantina anatin'ireo mpilalao 5 mendrika indrindra teo amin' ny sokajy lehilahy "All star 5" Afrobasket U18 Garçons".

Mathias M'Madi nanindrahindra an'ireo amboara azony.

Tonga nanohana ny Ankoay U18 lehilahy ihany koa tetsy Mahamasina ny Ankoay U18 vehivavy, izay nitana ny laharana faha-4 tamin'ity Afrobasket U18 2022 ity tany Antsirabe, raha i MALI no nandrombaka ny medaly Volamena sy voahosotra ho tompon-dakan'i Afrika 2022 ho an'ny Sokajy U18 Zatovovavy.

Egypta no nitana ny laharana faharoa nahazo ny medaly Volafotsy tamin'ity sokajy ity ary i Angola, no nandrombaka ny Medaly alimo laharana fahatelo.

Haverina indray izay efa voalaza teto amin'ity gazety ity tamin'ny fihintsanan'ny Ankoay U18 vehivavy teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana, fa tena noderaina ny hafanam-po sy fitiavan-tanindrazana nasehoan'ny vahoaka Malagasy, sy ireo mpitia lalao basikety manokana, tamin'ny fanohanana tsy nisy fepetra an'ireo mpilalaontsika Malagasy hatramin'ny farany, nefa dia mbola haverina ihany koa fa tsy vitan'ny fientanam-po fotsiny ny fahazoana fandresena eo amin'itony fifaninanana iraisam-pirenena itony, fa misy asa makadiry miaraka aminy ao ambadik'ireny.

Arahabaina na izany aza ny Ankoay U18 lehilahy nahavita nametraka tantara goavana teo amin'ity sehatry ny basikety Malagasy ity, ka tafita hiatrika ny fiadiana ny amboara eran-tany 2023 eo amin' ny sokajy U19., hatao any Hongrie amin'ny taona ho avy.

Rainilita

16ème Rallye du Boeny Team Go Janga

Norombahin'i Mathieu sy Andry Tahina nitondra Subaru Impreza

Ny ekipazy Mathieu sy Andry Tahina niaraka tamin'ny Subaru Impreza.

Norombahin'ny ekipazy Mahieu Andrianjafy (Zaza Maditra) - Andry Tahina Rakotomalala nitondra Subaru Impreza ny fandresena, tamin'ny fifaninanana rallye « 16ème Rallye du Boeny Team Go Janga » na ny « rallye vacance 2022 », notontosaina tany Mahajanga tamin'ny 12,13 ary 14 aogositra 2022 lasa teo.

Nafotaka dia nafotaka ny andro faran'ny fifaninanana araka ny vaovao voaray avy any an-drenivohitry ny voninkazo. I Frédérique Rabekoto sy Mick Ratrimoarinosy mbola nitondra Subaru Impreza ihany koa, no nitana ny laharana faharoa tamin'ity fifaninanana ity. Nanampy azy ireo teo amin'ny "Podium" fa nitana ny laharana faha-3 i Freddy Rakotomanga sy Jimmy Rabenatoandro nitondra Isusu D-MAx sady nandromboka ny amboara teo amin'ny "catégorie T2".

Rainilita

Tsipy kanetibe Malagasy

Tsy ekena intsony ireo « Concours sauvages » hoy ny Fsbm

Notontosaina nandritra ny hateloana: sabotsy 13, alahady 14 ary alatsinainy 15 aogositra 2022, teny amin'ny Boulodrôme PAC "Pétanque Ampitatafika Club" eny Ampitatafika, ka nandraisan'ireo mpilalao "licenciés" avy amin'ny tigim-paritry ny taranja tsipy kanetibe Fsbm manerana ny Nosy anara ny fifaninanana tsipy kanetibe "Coupe de Madagascar 2022".

Ny tale Aina, solontenan'ny Mjs, no nanokatra ôfisialy an'ity fifaninanana ity "tamin'ny sabotsy 13 aogositra 2022 lasa teo, ka niarahabany an'ireo mpilalao tsipy kanetibe rehetra tonga handray anara amin'ity fifaninanana ity, sy niarahabany manokana koa an'ireo mpitantana vaovao ao amin'ny Fsbm ary nanipazany teny, fa handray ny lalaon'ny Nosy isika eto Madagasikara amin'ny taona 2023, ka hirariana ny handrombahan'ny taranja tsipy kanetibe ny amboara amin'izany fifaninanana izany.

Andriamatoa Hery, filoha lefitry ny Fsbm am-perinasa kosa, izay nisolontena ny filohan'ny Fsbm tamin'io lanonam-panokafana io dia nanamarika zavatra fitoloha nazava tsara :

1°- nambarany fa nisy ny fanoloana mpikambana vitsivitsy teo anivon'ny fitantananana ny Fsbm tarihan'ny filohany Andriamilerovason Amiroudine, ka nambarany sy nasehoany am-pahibemaso tamin'io lanonam-panokafana ny "Coupe de Madagascar de pétanque 2022" io ny maro tamin'izy ireo, izay tonga nanotrona ny lanonana.

2°- nambarany fa mila miasa avy hatrany ireo mpikambana vaovao ireo, ka nomarihana fa efa nahavita nandrafitra ny "calendrier 2022" harahina amin'ity taona ity izy ireo, izay nahafantarana fa ho tontosaina amin'ny faha-7 sy faha-8 ary faha-9 ôktôbra 2022 ho avy izao ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ity taranja ity ary dia hisy koa ny fifaninana "Open" maromaro efa voafaritra ao anatin'izany.

3°- nambarany ihany koa fa nanapa-kevitra ny Fsbm, fa tsy maintsy manao fangatahana, ka manaraka ny rafitra mipetraka ny fanaovana fifaninanana tsipy kanetibe rehetra. Tsy ho ekena intsony, araka izany, ireo "Concours sauvages" etsy sy eroa, ka hisy ny sazy hampiharina amin'ireo minia mandika an'izany. Hisy ny fampahafantarana ny daholobe mikasika an'io tranga iray io.

4°- Mivoatra, hoy ny filoha lefitry ny Fsbm, ny tsipy kanetibe Malagasy, ka ankoatra ny fanatanterahana fifaninanana maro samihafa, toy ny nanaovana fifaninanana niarahana tamin'ny "Groupement des ambassadeurs" eto Madagasikara ohatra dia hoezahina ihany koa ny hivelarana amin'ny sehatr'asa maro samihafa.

5°- Fantatra fa handray anjara amin'ny AG elective ny Kaonfederasiôn'ny taranja tsipy kanetibe aty Afrika "CASB", hatao amin'ny faramparan'ity volana aogositra 2022 ity ny filohan'ny Fsbm. Midika izany, hoy izy, fa efa tsy misy fieritreretana intsony izany hoe sazy mihàtra amin'i Madagasikara izany eo amin'ny sehatry ny tsipy kanetibe maneran-tany.

6°- Namaly ny fanontanian'ny mpanao gazety tany amin'ny valandresaky ny "Coupe de Madagascar 2022" teny Andraharo ihany koa ny filoha lefitry ny Fsbm, ka nilazany fa "enjeux" an'ity fifaninanana hatrehana ity ny voninahitra ho azon'ireo ekipa ho mpandresy sy ny hanombohan'ny fanaovana "décompte de points", hoan'ireo mpilalao tsipy kanetibe tsy hisy an-kavanaka manomboka izao.

7°- Ny taranja tsipy kanetibe dia fifanajana sy fifankatiavana, ka aoka ny rehetra mba samy handala ny fanajana ny "Fair-play", hoy hatrany Andriamatoa Hery.

Ny Dtn kosa no nanazava tamin'ny antsipiriany ny fitsipika hifehy an'ity "Coupe de Madagascar 2022" ity, izay nahitana mpandray anjara nahatratra 158 hoan'ny sokajy sénior lehilahy ary ny teny fohy nataon'ny solontenan'ireo mpitsara 6 hiandraikitra ny fitsarana an'ity fifaninanana ity nialohan'ny nitsofana ny kiririoka fanombohana.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Totoken'omby sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fanafody natoraly ny hemorroïde

Fanafody natoraly ny hemorroïde indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

ZAVATRA ILAINA:

Hodin'ny 150 maladies na hodin'ny voandelaka 1 lehibe fotsiny. Rano 2 litatra.

FOMBA-FIKARAKARANA AZY:

Ampangotrahana miaraka amin'ny rano 2 litatra ny hodiny 150 maladies na hodin'ny voandelaka teo, mandritra ny 20 minitra eo ho eo. Rehefa vita izay, dia ahidina ary avela ho matimaty ny hafanany izay vao azo ampiasaina tompoko.

FOMBA-FAMPIASANA-AZY:

Sotroina Indray kaopy ny maraina sy ny hariva ny tambavy efa avy nampangotrahana teo.

FAHARETANY:

Mandritra ny 5 andro misesy no atao izany dia ho sitrana ary afaka taona maromaro vao mety hiverina angamba raha hiverina ny aretina hemorroïde.

Tsy maintsy sotroina ilay rano mbola matimaty iny, fa tsy avela ho mangatsiaka. Marihina fa hafanaina hatrany, mba tsy hasiso ity fanafody natoraly ity. Azadinoina fa mety ampiasaina amin'ity fanafody natoraly ity avokoa na hemorroïde interne na externe.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antanimenabaka any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Antanimenabaka any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanimenabaka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'Andilamena. Any avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 921 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, toy izany koa ireo haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Mpiompy omby koa ny mponina any Antanimenabaka.